



Maro ireo olona mahafantatra tsara an'Andriamatoa Willy Sylvain Rabetsaroana sy ny fianakaviany no taitra raha vao navoakan'ny Polisim-pirenena ity fampilazana fikaroana an'izany Jean Didier Rabetsaroana izany. Sady amin'izay koa hoe Tale Jeneraly ana orinasa.



**Willy Sylvain RABETSAROANA**

Avy hatrany moa dia lasa 1 miampy 1 mira 2 ny an'ny ankamaroan'ny mpikirakira Facebook fa hoe rahalahin'i Willy Rabetsaroana io ! Cousin-ny mihitsy io ! Rehefa tsy maka sarotra tokoa dia

izany ihany mby ao an-doha ao. Ary nisy mihitsy aza niantso ahy mikasika io olona karohin'ny polisy io.


PAPA

Raha ny fianakavian'Andriamatoa Willy Rabetsaroana aloha dia ny rainy, izay efa nodimandry ny 08 Jona 2000 no fantatro. PAPA no fiantsoana azy ary mbola tsy nahita Malagasy manankarena tsotra sy tia manampy ny hafa toa azy aho hatreto. Tao Mahamasina eo akaikin'ny *"Epicerie du Quartier"* amin'izao fotoana izao izy no nipetraka fa nanana birao teo amin'ny araben'ny fahaleovantena eo Analakely teo Antaninarenina, alohan'ny Pergola.

Izaho moa rehefa manao fikaroana dia mitady mihitsy. Ka rehefa mitady dia mahita. Matoa tsy mahita dia satria tsy mitady.

Rehefa nikaroka ary aho dia efa diso be ilay fampilazana navoakan'ny Polisim-pirenena ao amin'ny Facebook io hitanareo io ambony io : Tsy izany Rabetsaroana Jean Didier izany no anaran'io olona tadiavina io fa Jean Didier BETSIAROANA. Lavitry ny afo tokoa ny kitay eto.


**Jean Didier Betsiaroana**

Ny orinasa Revaforage dia misy ary miara-miasa amin’ny Banky afrikana momban’ny fampandrosoana na ny BAD.



Revaforage


Immeuble Ny Havana 2e étage ou Village des jeux Ankorondrano
Antananarivo
Madagascar (Antananarivo I / Analamanga)
Tél.: +261 20 24.203.05
Fax: +261 20 22 357 13 ; +261 33 11 017 17
www.groupereva.com

Jean Didier Betsiaroana
Directeur
Entreprise création en 2005 ;


**Partenaires institutionnels**: BAD

**Activités:** Titulaire de marchés de travaux de réalisation de 350 forages dans le projet Paear (Projet d’alimentation en eau et assainissement en milieu rural), « Revaforage Sarl » travaille en parallèle avec quelques sociétés étrangères et sa zone de couverture s’étend sur 5 Régions de la partie Nord de l’Ile, de la Betsiboka jusqu’à la Diana, en passant par Melaky, Sava et Sofia. Jusqu’à ce jour, cette société a pu réaliser 187 forages positifs sur l’objectif de 350 forages de la phase I, qui ne connaîtra sa fin qu’après une année.




Fa izany orinasa FORAMA izany indray kosa dia toa *“fantôme”* tsy hita n’aiza n’aiza.




Tsy fanta-tsika mazava, hatreto, ny antony nahatonga io Jean Didier BETSIAROANA io tadiavin'ny mpitandro filaminana (*"avis de recherché"*).Toa hoe nisoloky, araka ity lahatsoratra manaraka ity:



FAITS-DIVERS 22 avril 2022 | midimadagasikara

Fisolokiana : DG iray karohin'ny polisy

Omaly no nivoaka ny filazana fikarohana azy manerana ny Nosy. Orinasa miandraikitra « forage » no tantànan'i Betsaroana Jean Didier izay tadiavin'ny polisy eo anivon'ny brigade criminelle ankehitriny. Raha araka ny fanampim-panazavana avy amin'ny polisy dia fisolokiana sy fampiasanàna seky tsy misy anto-bola no anenjehana azy. Saika isan-kerinandro dia misy hatrany ny olona karohina ankehitriny noho ny fisolokiana. Ary olona mba metimety sy mitazona andraikitra ambony amin'ny orinasa izany, raha ny tsikaritra tato ho ato. D.R

Fa ny rahalahiny **Jean Galbert Betsiaroana**, tompon'ny Etablissements Kinga, kosa aloha dia voasaringotra amina raharaha fanondranana "bois de rose", tao anatin'ny fotoan'ny niantombohan'ny Tetezamita, niaraka tamin-dry Jeannot Ranjanoro, Roger Thunam, Jean-Pierre Laisoa, Claude Bezokiny, Patricia Soa (Lo Seing) anabavin'ny Jeannot Ranjanoro, Thierry Body, Ramialison Arland, Michel Malohely, Martin Bematana, Chan Lane, Grégoire Ndahiny, William Guerra, Angelin Befototo, Maurice Paula, Jacky Manambola, Claudia Bezokiny (tsy manana rohim-pihavanana amin'I Claude Bezokiny), Rachid Patel, Eric Foeng sy Jao Hasy. Ny rohy mampitambatra ireo olona rehetra ireo ? Avy ao Antalaha jiaby jiaby.

Raha iverenako ny fianakavian'Andriamatoa Willy Sylvain Rabetsaroana dia ireto ihany no tena havana akaiky dia akaiky aminy.

Ny ray aman-dreniny : Irénée Rabetsaroana Rabefanonta na i Papa sy Julia Rabefanonta.

Ny mpiray tampo amin'i Willy Sylvain : Alain, Jocelyn, Johnny, Flavien (efa nodimandry) ary Princy Rabetsaroana. Tsy nanana anabavy ry zareo ireo.




Farany, dia ilay resaka anarana tanim-boanjo. Nisy ilay Antsaly Ny Aina Rajoelina voahosotra *“ Miss Madagascar 2022”.*
Dia efa nisy nilaza fa
*“zanaka anelan-kelan-tranon’ny Filoham-pirenena”*
!




**Jeannot Ramambazafy**